
# "Marathon"
# Tompondakan'i Madagasikara 2014

*Tontosa soa aman-tsara omaly ny andiany faha -14 amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena "Marathon international de Tana" notanterahina teo an-drenivohitra izay nokarakarain'ny FMA sy ny orinasa VIMA.*



Tamin'ny ankapobeny dia nizotra tamin'ny niheverana azy ny fikarakarana sy ny pitsopitsony rehetra nifandraika tamin'izany na dia teo aza ireo olana kely miseho teny an-tsefatsefany teny noho ny tsy fahampian'ny mpitandro filaminana teny amin'ireo lalana nolalovan'ny mpihazakazaka. matetika dia ireo mpitondra fiara no tena tsy nanaja ny fandaminana napetraka, hany ka sahirana ireo mpifaninana taraiky tany aoriana.

Ity andiany faha-14 ity araka izany no tena be mpandray anjara indrindra hoy ny tompon'andraikitra satria nahatratra hatrany amin'ny 620 ireo nandray ny fiaingana teo anoloan'ny lapan'ny tanana ho an'ireo fifaninanana kazarany 3 (marathon 42 km, handirun 3km, foulées de Tana 5 km).

Teo amin'ny *"Marathon international de Tana"* dia ilay teratany Kenianina Kiber Kipkorir no nandrombaka ny laharana voalohany ary nahazo ny loka goavana rehefa nahavita ny halaviran-dalana 42 km tao anatin'ny 2 h 25 mn 24 sec. Hatrany am-piandohana dia efa hita taratra ny fahaiza-manaony, ka sarotra ho an'ireo mpifaninana Malagasyny nanaraka azy. Na izany aza dia niezaka hanatratra azy ihany i Hajanirina, ka tamin'ny elanelan-tsegondra 3 (2 h 28 mn 30) no nahazoany ny laharana faharoa raha i Jean de la Croix kosa no tafiditra ho fahatelo 2 h 31 mn 04 sec. Nohamafin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny orinasa "Vima" fa efa tena tafiditra amin'ny fikarakarana hetsika goavana ry zareo, ka amin'ny andiany manaraka dia ho hatsaraina kokoa ny fanomanana mba hanomezana fahafam-po ny rehetra.

**Rat**

L'observateur 27/10/14

Marathon international de Tana

**Kipkorir a couru plus vite**



15